
## 25 desambra 2025 - Fankalazana ny Noely



# « Tamin'ny voalohanyny Teny, ary ny Teny dia tao amin'Andriamamtra, ary Andriamanitra ny Teny»

## (Jo. 1, 1)

Ry Kristianina havana, na dia efa natao tamin'ny fomba manetriketrika ny fiarahabana tamin'ny alina mialoha ny Noely dia an-kafaliana, an-karavoana no amerenana ny firarian-tsoa sy ny fiarahabana. Tahaka ny fary lava vaniny tokoa ny firarian-tsoa fa indrindra amin'izao fankalazana manetriketrika ny Noely izao ary hafaliana no amerenana azy amintsika olo araiky jiaby. Bonne et sainte fête de Noël antsika jiaby e, enga anie ho Noely hitondra fiadanana tanteraka izao Noely 2025 izao, ao anatin'ny famaranana ny taon-jobilin'ny fanavotana izao. Tanteraka eo anivon'ny fiainantsika izany fiadanan'ny Noely izany raha manome voninahitra an'Andriamanitra ny fiainantsika manontolo.

| |
|---|
| Vakiteny I : Iz. 52, 7-10<br>Tononkira : Salamo 97<br>Vakiteny II : Heb. 1, 1-6<br>Evanjely : Jo. 1, 1-18 |

Noely miavaka ity noely 2025 ity satria noely vao avy namaranantsika ny taon-jobilin'ny Fanantenana no sady namaranantsika ny sinaody fijanonana faha-3 sy nankalazantsika ny faha-70 taonan'ny arsidiosezy. Fahasoavana miampy fahasoavana tokoa izany araka ny voalazan'i Md Joany ao amin'ny Evanjely…. Andriamanitra eto anivontsika raha hivelomantsika ny fehin-kevitra mamintina ny fankalazana satria manambara ny firosoantsika mihavao sy manorina rafitra

manampy antsika hametraka fiaraha-monina mitarika antsika hifanasoa sy hifampitsimbina hikatsaka ny soa iombonana. Moa tsy izany ve ny anton-dian'i Jesoa eto anivontsika ? Izany no noely ankalazantsika. Ary araka ny voalazantsika matetika ny fankalazantsika dia tsy hoe fahatsiarovana fa noho ny asan'ny Fanahy Masina dia mivelona izay ankalazaina. Eto dia Andriamanitra eto anivontsika. Eo anivontsika Andriamanitra raha mifampitsimbina sy mifanasoa isika izany hoe miova ny fifandraisana na amin'ny zava-boary ka mivelona ny vokasiontsika tamin'ny voalohany tahaka ny tao amin'ny Sahan'ny Edena, manjaka fa tsy manjakazaka. Miova koa ny fifandraisantsika samy isika ka mifanasoa tokoa ka ny modelin'ny Fianakaviana Masina. Mirindra ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra ka zary Olo Araiky Aminy isika, zary zanany indray..
Araky ny fantatsika ao amin'ny vakiteny faharoa taratasin'I Hebrio, efa ela tokoa isika olombelona no naniry sy nangetaheta mba hiova ny fiainantsika ka zary fifandraisana vaovao. Milaza miara-mahita tokoa isika fa tsizarizary ny fiainantsika lavitra Andriamanitra. Mangetaheta hanakatra an'Andriamanitra isika amin'ny fomba maro isan-karazany nefa indrisy tsy misy zavatra "manjary".
Samy nahatsapa kosa fa niova izany fiainana izany raha ilay nahary no eo anivon'ny fiainantsika. Fantatr'Andriamanitra izany hetahetam-pontsika izany. Rehefa nanota isika ka nanome lamosina, nanome tehezana azy tao amin'ny sahan'I Edena. Haintsika ny nataon'I Adama sy Eva niafina, niery... Famindram-po Andriamanitra ka tsy nijanona Izy fa nitady antsika. Tsy nijery ny maha-mpanota antsika Andriamanitra fa be famindram-po tokoa izy Ray ka naniraka ny Zanany ho tonga nofo sy hitoetra eto amintsika satria fantany fa tsy afaka mamonjy tena samirery isika, tsara ho tsapantsika izany ry Kristianina havana. Tsy afaka mamonjy tena isika na inona na inona ataontsika, na manao akory ny fahaizantsika sy angovontsika. Izany hoe hahazo ny tena fiadanana, hahazo ny tena hasambarana, ilay hasambarana avy amin'ilay Emanoela Andriamanitra eto amintsika izay Izy irery ihany no hany hasambarana marina satria ny famonjena tena izy dia izay mitondra amin'ny hasambarana, mitondra amin'ny fiadanana, izay afaka manome aina sy fiainana. Tsy vitan'ny angovontsika sy ny fahaizantsika izany fa Andriamanitra Ray be fitiavana sy be famindram-po no nanolotra ho antsika ny famonjena. Izany no antintranterin'ny taratasin'i Hebrio, na dia teo ireo mpaminany, ireo razantsika, somambisamby izany, tsy nazava, fa rehefa naniraka ny zanany Andriamanitra dia I Jesoa ho eto anivontsika dia Izy no manambara izany amintsika.

Ambaran'ny vakiteny voalohany bokin'Izaia mpaminany fa hahita ny famonjena ny vazan-tany rehetra. Izany no ankalazaintsika amin'izao Noely izao, tanteraka tokoa ny famonjena ao amin'I Jesoa ho an'ny olona rehetra, ho an'ny firenen-drehetra ary faly sy ravo mihoby an'izany famonjena izany isika satria nampionona ny vahoakany Andriamanitra ary nanavotra an'I Jerosalema, tsy ilay hoe tanana Jerosalema fotsiny izay tananan'ny fiadanana fa izao tontolo izao no

ho zary Jerosalema noho izany famonjena nentin'ny mpamonjy izany. Tananan'ny fiadanana izao rehetra izao satria hatramin'ny faravazan-tany rehetra no hahita ny famonjen'Andriamanitra.

Araka ny efa naverimberina tamintsika, miankina be dia be amintsika izany famonjena izany ary mbola antitranterin'ny evanjely nosoratan'I Md Joany izay mamintina ny tena dikan'izany famonjena izany sy ny fomba handraisana azy. "Namirapiratra tokoa ny fahazavana ary natao hanilo ny olon-drehetra kanefa indrisy nisy olona izay tsy nandray azy, izay tsy mandray dia tsy afaka miombona ao amin'I Jesoa satria nanilikilika an'I Jesoa. Izao tontolo izao no manilikilika an'I Jesoa. Tsy izao tontolo izao no ratsy fa ny miaina araka izao tontolo izao, ny demony tsy mahatanty ny fahazavana nentin'I Kristy. Na dia nahary an'izao tontolo izao aza Izy, na dia nisy nanoro lalana tahaka an'I Joany mpanoro lalana nilaza fa Izy ilay teny nahariana an'izao rehetra izao, tonga eto anivontsika izy fa isika tsy nahay nandray Azy, izany hoe tsy mino fa avy amin'I Jesoa ny famonjena fa nanaraka ny ratsy ka dia hitantsika ny vokatry ny tsy fahaizantsika nandray an'I Jesoa. Hitantsika ny vokatry fiovan'ny toetr'andro noho ny hetraketratsika olombelona amin'ny tevy ala sy doro tanety. Araka ny averimberintsika matetika izay mandoro tanety tsy mandoro tanindrazana fotsiny fa MAMONO TARANAKA ary izay mamboly kakazo manome aina. Potika sy mikorontana izao rehetra izao. Araka ny voalazantsika potika ny tontolom-piainantsika, ny tontolo iainantsika, ny tontolom-pinoana. Ho an'izay nandray Azy kosa dia mahazo ny fahazavana ka tonga zanak'Andriamanitra, mahazo fahasoavana miampy fahasoavana ary dia ho feno izany fahasoavana izany. Marina tsy mandeha ho azy ny fiainany ary mety misy aza sedra mafy sy fahoriana saingy tsy ny sedra sy ny fahoriana no teny farany fa ny famonjena nentin'I Kristy. Izany rehetra izany no mahatonga antsika manatanteraka izao Sinaody izao mba hahay handray an'I Jesoa eo amin'ny fiainana ka ho OLON-DEHIBE AMIN'NY FINOANA ISIKA ka na dia hatopatopan'ny rivo-maherin'izao tontolo aza isika dia hivahatra tsara amin'I Jesoa ka ho EGLIZY MIARA-DALANA, OLONA VELO MIOMBONA MANDRAY AN-TANANA KA IRAHINA HO TABERNAKLA VELONA.

Hararaoty àry izao Sinaody fijanonana fahaefatra izao izay azao lazaina ho famondronana ka hahaizantsika mampisongadina ireo tondro na ny repère ahafahantsika miroso tanteraka amin'ny fandraisana an-tanana. Fotoana sarobidy ho antsika tokoa izany izao fijanonana faha-4 izao
Raha misy faniriana amin'izao fankalazana Noely izao, ka hitalahoana ny famindram-pon'Andriamanitra sy ny fitsilovan'ny Fanahy masina dia ny mba hanokafantsika ny fontsika amin'izao Noely izao ka hitoetra ao amin'Andriamanitra isika. Manome toerana an'Andriamanitra isika raha manao ny marina satria ilay zanak'Andriamanitra eo anivontsika dia Ilay Marina no anarany. Manaiky Azy isika raha miaina am-pitiavana ka ny fahafoizana no mampibaribary an'izany, mahafoy ny fotoana amin'ny fanompoana ny hafa satria

noharian'Andriamanitra hitovy endrika Aminy ireo manodidina antsika. Ny fahafoizana no mampibaribary ny tena fitiavana.

Ny fahafoizana sy fahamarinana dia ny lalana fototra mampiova ny fifandraisana araka ny sitrak'Andriamanitra ka raha maniry fihavaozana marina isika ary maniry fanorenana mitondra amin'ny tena fivelarana ao anatin'ny fihavanana sady kristianana no malagasy dia aoka HAMBOLY FAHAFOIZANA SY FAHAMARINANA… ka dia noely isan'andro ny fiainantsika, ny fiainam-pianakaviana….

Matetika isika no manontany ahoana no fivelomana ny finoana ? Ny fahafoizana no endrika hiainantsika ny finoana, raha mahafoy eo anivon'ny fikambanana, eo anivon'ny vaomiera, mandray an-tanana amin'ny lafiny rehetra ary tsy entina hireharehana. Izany no Andriamanitra eo amintsika, amim-panentren-tena no amitana ny adidy rehetra ataontsika. Manambara ny finoana iainantsika izany ka zary fahazavana isika ary zary Kristy mpiara-belona amin'ny hafa, zary hasina isika eo amin'ny mpiara-belona. Izany no antson'Andriamanitra amintsika, ny mahafoy dia tsy misaraka amin'ny fanompoana. Mifanaraka tsara amin'izao Sinaody faha-7 ataontsika izao satria ny fiarovana ny tontolo iainana tena mila fahafoizana tokoa satria tena fanorenana no ataontsika satria tena robaka ny TRANOBE IOMBONANA. Torak'izany koa ny fametrahana rafitra manampy antsika hiroso amin'ny fivelarana ny mahaolona dia mitaky fahamarinana, fahafoizana, fanompoana….

Enga anie izao fankalazana ny Noely izao hanome aina vaovao ho antsika ka hampirosoantsika amin'ny lalindalina kokoa amin'ny maha génération mpanorina antsika. Izany no anton-dian'I Jesoa teto an-tany, fanorenana vaovao, fahariana vaovao, ka amin'izao Noely izao dia hanorina ny fiainantsika Izy ka ho zava-boahary vaovao ao Aminy isika.

Ny dikan'ny Noely dia fanorenana miaraka amin'Andriamanitra izay ataontsika rehetra, hanorina Eglizy tranon'Andriamanitra ka ho zary Eglizy Olona Velona tokoa isika ka asehontsika amin'ny fiainantsika andavanandro amin'ny fampitrahofana ny finoana sy fiainana andavanandro ny mahagénération mpanorina antsika. Manorina ny Tranobe iombonana. Manorina Fratelli Tutti, Olo Araiky isika jiaby satria mahafoy, manompo ka mifampitsimbina, mifanasoa mikatsaka mandrakariva ny Soa iombonana ao anatin'ny fahamarinana.

Ry Jesoa Kristy Tompo, mitodika Aminao izahay, Ianao no fahazavana mitondra hafaliana sy fiadanana ho anay, enga anie ho tahaka Anao tokoa izahay hahay hanokatra ny fonay ka hanjaka tokoa ny famindram-po sy ny famelan-keloka eran'izao tontolo izao indrindra amin'izao Noely izao, ny fonay anie ho toerana iombonanay bebe kokoa Aminao.

Ry Jesoa Tompo o, aoka hivelona bebe kokoa ny mahazanak'Andriamanitra anay

izahay, enga anie izahay hahay hampanjaka ny famindram-po sy ny fifamelan-keloka izay loharano sy fototry ny tena fiadanana sy ny hafaliana izay hitondra anay amin'ny hasambarana. Ampio izahay hijoro amin'ny marina fa io no mahaolona afaka anay. Masina Maria Reninay o, sambatra izahay manana anao ampianaro izahay amin'izao vanim-potoana sarotra izao hahay handray an'I Jesoa. Tantano izahay ho Eglizy miara-dalana miombona mankany amin'I Jesoa handray an-tanana ka zary Tabernakla Velona tahaka anao. Md Josefa Ray Mpiaro ny Eglizy Eran-tany, Lehilahy Marina ianao, mivavahà ho anay mba ho marina koa ny fiainanay fa manjaka loatra ankehitriny ny lainga sy ny fitapitaka. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson